TOMIMA SY ORIMA MADAGASIKARA
EKIPA NASIONALY SAMPANA MAVO

NY MARI-DALANA - Les Signes de Piste (Zoky ambaratonga voalohany)

Indro , ireto atolotra ireto ny ankabeazan'ny mari-dalana « pictographiques » , azo soritana amin'ny « tsaoka na zavatra hafa izy ireo, Hoan'ireo zazavao, dia ilaina ny manao famerenana kely mialohan'ny hanaovana lalao » tsongodia » , ireo marika ireo dia soritana eny an-dalana , arakaraky ny taona sy ny fahasarotana dia apetraka eny antsisin-dalana ny marika, raha hoan'ny sampana Mavo dia tsara kokoa raha @ ilany havia no apetraka ny « marika ». Tokony ho azo antoka tsara fa ho « taza-maso » ireo marika ireo , saingy tsy arantiranty ihany koa anefa, (ny tinaiza mahiratra dia hahita azy, ireo votsa kosa dia mila mampiasa saina…) Aza hadino koa anefa fa tokony hifanaraka tsara amin'ny zava-misy ny fampiasana ny « mari-dalana » (mazava, maizina,orana, rivotra sns…) ankoatr'ireo dia mbola misy ihany koa ny mari-dàlana « voajanahary » na signes de pistes naturels.

Marika (Signe)	Antony (Signification)	Fanamarihana hafa
	Manomboka ny lalana	Io marika io dia apetaka eo ampiandohan'ny lalana, @ toerana sy faritra izay efa fantatry ny mpandeha rehetra (tsy afenina) Azo ampiasaina koa io marika io rehefa miova fomba « fanoritana mari-dalana » mode de signalisation .. Miaraka @ mariky ny fivondronana sy ny vondrona mandrakariva io marika io.
	Lalana haleha	Apetraka matetitetika eny an-dalana io marika io , ary ilaina rehefa misy fiovan-dàlana tampika na fiolanana.
	Lalana mitohana (barré)	Apetraka amin'ny havian-dalana tsy haleha io marika io, kanefa tsy dia ilaina loatra hoan'ireo skoto efa za-dràharaha
	Lalana tsy azo aleha	Milaza lalana tsy azo aleha io , ilaina anefa ny mametraka ny « mariky ny vondrona rehefa mampiasa io marika io
	Lalana tsy izy	Azo ampiasaina amin'ny antony roa io marika io: -tetik'ady hanariana « mpanara-dia na mpitsikilo », - Nanao fahadisoana ny mpanoritra ka tsy azony fafana ny soritra napetrany
	Lalan-tsarotra tsy maintsy haleha (Obstacle)	Ity marika ity dia milaza fa misy « lalan-tsarotra » tsy maintsy hodiavina, ary mitohy aorian'io ny lalana.

	Mizara roa ny mpitsongo dia na samy tonga any ny lalana	- Milaza io fa nizara roa ireo mpanoritra ny lalana, ka misy lalana roa samy izy manomboka eo, na manery ireo mpitsongo dia hizara vondrona roa mitovy .
	Hafatra miafina @ tandrify eto	Raha tsy misy marika (hafatra @ latsaky ny 20 dingana tandrify eto) Raha misy marika : hafatra @ x dingana miala eto)
	Hafatra miafina araka ny marika io	Mitovy @ teo aloha , fa saingy misy marika (x metatra ambony (jereo ny triangle)
	Hafatra miafina manodidina eto	Misy hafatra miafina @ x metatra manodidina
	Andraso eto	Na misy olona ho avy eo afaka fotoana fohy (araka izay ambarany eo) Na misy olona andrasana eo ,ka raha tsy tonga izy dia mahazo mandeha indray, Na mahazo miala sasatra araka ny fe-potoana voalaza.
	Miverena , na nody izahay	Arakaraky ny zava-misy , midika hoe miverena any an-toby (lasy) na any amin'ny toerana niaingana. Io marika io dia mipetaka eo amin'ny fasan'i Baden-powell ary midika hoe « Nody any aminay aho» **"Je suis renté chez moi"**
	Mifarana ny lalana	Tapitra hatreo ny tsongodia (ny lalana).
	Hafaingano	- Mila mandroso malaky ireo mpitsongo dia, na koa hoe (afaka manafaingana ny diany ity lalana ity).
	Mihazakazaka	Miazahakazaha, natao hoan'ny lalana mahitsy tsy miolankolaka io marika io, ary manan-kery mandrapahatonga @ marika manaraka
	Miverina amin'ny lalana teo ihany	Zava-dehibe io , ary tokony hasina ny mariky ny vondrona
	Fitohizan-dalana	Eto dia lalana roa (2 pistes) no mifanojo, tsy maintsy mampiasa ny "lalana manomboka" aorian'io marika io
	Moron-drano arahana	Ity marika ity dia milaza fa ny morondrano no tokony harahina , manaraka ny zotra voalazan'ny marika, ho fitandremana anefa dia manan-kery hatreo @ 500m ihany io marika io , ary tokony haverina indray raha ilaina..

<<>	Faritry ny fahavalo	Midika io fa tokony hitandrina ireo mpitsongo dia, ary hiambina tsara amin'izay mety hiseho manomboka eo..
>>>	Faritry ny namana	Fiafran'ny faritry ny fahavalo
><>	Mandoza ny afo	Tsy mahazo mandrehitra afo na mifoka sigara
	Rano azo sotroina	,,,
	Rano tsy azo sotroina	,,,
	Rano tsy azo sotroina	,,,
	Manangàna lasy eto	,,,
	Toby misokatra aty !	Manondro faritra misy ny filasiana, na koa manondro faritra itobiana (raha lalao)
	Toby mihidy !	Tsy misy olona ao an-dasy, ka tsy azo hidirana !
	Danger réel	Tena manambara loza mitatao io ! Tsy azo ampiasaina kitoatoa

Araho mandrapahatonga...		Any @ lalana manaraka
		Any @ sampanan-dalana
		Any @ fidirana an-tanana
		any@ lalam-by
		Any @ riandrano
		Any @ hazo tokana miavaka iray
		Eo ampidirana ny ala

TOMIMA SY ORIMA MADAGASIKARA
EKIPA NASIONALY SAMPANA MAVO

NY MARI-DALANA - Les Signes de Piste (zoky ambaratonga faharoa)

Ny lafiratsin'ny mari-dalana pictographiques , dia noho izy mora hita , na dia ireo mpandalo tsotra aza, indrindra moa raha sady ratsy soritra izy no lehibe loatra, misy fomba hafa koa anefa izay azo ampiasaina, fa saingy ny scout efa za-draharaha no afaka mampiasa sy manaraka azy, Marika « voajanahary » no ampiasaina eto, izany hoe marika izay vita avy tamin'ny zava-boahary ihany, somary miafina kokoa izy ireo, izany moa no tena tanjona amin'ny fanoritana « signe de piste », marihina fa azo atao tsara ny manoritra mari-dalana « pictographique » amin'ny alalan'ny sampan-kazo na vatokely, ny tanjona moa dia ny ialàna araka izay azo atao amin'ny fampiasana ny tsaoka (la craie)

ANY ANATY ALA:

- MARIKA VOA NALATSAKA :
mitondra hazo na voamaina , na vonikazo na zavatra hafa (atao maromaro) ka alatsaka eny andalana izany ho arahin'ireo mpanaradia,
azo atao koa ny mikiky ny hazo maniry isaky ny halavirana voafetra mialoha, kikisana kely fa tsy hodirana tsy akory, tokony ho 1.5m miala ny tany no haavon'ny mari-dalana.

ENY ANTAMPON-TANETY

- VONAM-BOZAKA :

Atao isaky ny mandroso ny dia, ny bozaka mifatotra dia ho voamariky ny skoto kinga , fa tsy ho voamariky ny olon-tsotra

ANY ANTEN-DROMBOHITRA SY TOERANA FENO VATO:

- LES CAÏRNS :
Ny « cairn" mahazatra dia fampiasa hatramin'ny ela eny antendrombohitra, mety ahatratra metatra maromaro ny habeany, ny hampiasaintsika kosa dia kelikely fa tsy lehibe toa izany, ary vita amin'ny vato , marihina fa sarotra tokoa ny manaraka io marika io, ka ilaina ny mametraka « famantarana na sonia » tsindraindray , mba ho fampahafantarana ireo mpanaradia fa tsy very izy, Ireto ary misy fomba tsotra izay manoro ny lalana haleha, miampy fanazavana vitsivitsy mikasika azy:



Singe de piste / Tk Andry

1. marika tongotra avela eo ampovoan'ny ravina maromaro.
2. Bozaka kely mifantotra ny lohany.
3. bozaka kely nalavo loha
4. taho mitsatoka amin'ny tany
5. fitambaran'ny 3 sy 4
6. ravina iray asisika eo amin'ny sampan-dravina karazany hafa (hazo samy hafa)
7. bolabolan-javatra (bozaka, tany …) apetraka eo amin'ny fototry ny sampan-kazo
8. bozaka nafatotra eo amin'ny sampan-kazo
9. vodihazo voakiky na kiam-pamaky (@ hazo efa maty raha azo atao)
10. Antontam-bato.

Ireto indray misy endrika hafa:



MARIKA IZAY MILAZA FIOLANANA…

MIANKAVANANA:

MIANKAVIA:



Marika manambara loza manambana (Marika miverina in-telo):



Lalan-diso na lalana tsy azo haleha:

Aty ny lasy (atodiky ny taho mitokana eo akaikiny io):

Lalan-tsarotra:



Hafatra miafina manodidina ny... (Ifanarahana mialoha ny)